# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Aogositra 2018

# 14 Talata
aogositra

**Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.** Romana 8. 28

**Asan'Andriamanitra**

Ry kristiana, ndao averina vakìna tsara io tenin'Andriamanitra nomena androany io, mba ho takatra sy hiainana.

— *Fantatsika* : tsy vinavina izany, tsy faniriana ; fa fahazoana antoka momba ny fitiavan'Andriamanitra.

— *ny zavatra rehetra* : ny fiainantsika sy ny toe-javatra samihafa andalovantsika dia tsy vokatry ny kisendrasendra, satria Ilay Andriamanitra lehibe, Andriamanitsika, no mifehy ny zavatra rehetra (1 Tantara 29. 12).

— *miara-miasa* : fanatambatambarana maro mahatalanjona, ataon'ny fitondran'Andriamanitra, no mampifandray ny zava-drehetra mba hanatanteraka ny sitrapony, sitrapo lavorary. Tsy misy asa hoe mitokana ; fa ny toe-javamitranga eo amin'ny fiainantsika dia miara-miasa mba hanatontosa ny drafitr'Andriamanitra.

— *hahasoa* : maro ny zavatra atao eto amin'ity tontolo — heverina ho mandroso — misy antsika ity, no mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra, kanefa Izy dia miasa hahatonga ny toe-javatra rehetra eo amin'ny fiainan'ny olony mba hahasoa azy ireo. Ny tanjon'Andriamanitra dia mihoatra noho izay tombantombana ataontsika, mihoatra noho izay andrasantsika. Ampiasainy mba hahasoa antsika ireo olana mianjady amintsika sy ireo fijaliantsika…

— *izay tia an'Andriamanitra* : tian'Andriamanitra ny olona rehetra, kanefa ity fampanantenana ity dia miantefa manokana amin'ireo izay mahafantatra Azy ho Ray, miantefa amin'ireo izay tia Azy.

— *izay voantso araka ny fikasany rahateo* : taomin'Andriamanitra ny olona rehetra hino ny fitiavany ; ary ireo izay mino dia antsoiny mba hifamatotra ho mandrakizay amin'i Kristy, Ilay Mpamonjy azy ireo.

Ny zavatra rehetra avelan'Andriamanitra hitranga eo amin'ny fiainantsika dia mikendry tanjona faratampony sy mandrakizay avokoa, dia ny hahatonga antsika hitovy endrika amin'i Jesosy Kristy (Romana 8. 29).